# BAKA AMIN'NY HARA

INDIAN OCEAN COMMUNITY CONSERVATION HANDBOOK 3

FOMBA FANJONOANA MANIMBA

MPANORATRA: SHAWN PEABODY, GILDAS ANDRIAMALALA
NANDIKA TENY: BRUSCO RASOJARIVELO


HO AN'NY: MPIANATRA, VAHOAKA
SARY: NADY RATSIMBAZAFY





MIHARI
MItantana HArena andRanomasina avy eny Ifotony- Tambazotra Madagasikara


Dugong & Seagrass CONSERVATION PROJECT


blue ventures beyond conservation


KARAKORY DRAKÔ ! ZA IO AMIN'NY LALAGNA HANDEHA HAÑATODY AMIN'NY TOERAÑA MISY AHITRY AÑY- MISY HAGNARAKA ZAH ?
AH MISAOTRA. ZAH MBALA TSY PARE HANATODY ZIO FA AMIN'NY HERIANDRA AVY IO.
ANDRA RAIKY, I TINA, HENJY, NIALA TAMIN'NY TOERANA MISY VATOHARA FIPITRAHANY FA HANDEHA HANATODY AMIN'NY AHITRY AN-DRANOMASIGNY


TSARATSARA ANARO ATODINAKA FA ZAH HANDEHA. MANATEGNA ZA FA HO FOY ANARO JIABY


KOA FA BOAKA NANATODY I TINA, NIMPODY AMIN'NY TOERAA MISY VATOHARA FIPITRAHANY ANY, ANY IZY MIHINANA LOMOTRA MANIRY AMIN'NY VATO.



AKORY NINDRY ! RAVORAVO ZAHAY NAHITA ANAO NIMPODY !
AKORY ANARO ZANAKO ! ZAH KOA KOA RAVORAVO MAHITA ANARO JIABY FOY KARA TY
ZIO TY, MIHINANA AHITRY IRO ANARO FA MBALA LAVITRY DIA MIAMBINY ATSIKA
TELO (03) HERINANDRA TATY AFARA, NIMPODY TAMIN'NY TOERANA MISY AHITRY TANY I TINA HIZAHA IRO ATODINAZY FOY.


KOA FA TOMBO IRO ZANAKA LAOKO ABY IRO, NANDESIN'NY RENIN-DRO AMIN'NY TOERANA MISY VATOHARA FIPITRAHANY. ANY IRO MIPETRAKA NDRAIKY MIVELONO MANDRITRY NY ANDRA HIVILOMANDRO, MISITRIKY ANATY VATOHARA AVIO AFAKA MIHINANA LOMOTRO.



ZANAHARY E, ZAH ZEGNY TE HIHINANA LOMOTRO TSARY HITAKO
ZA ZEGNY TSY NDRAIKY FA LOSO LAVITRY LOATRA ZALAH, KARA TOERANA MBALA TSARY NANDEHANA KO
ANDRA RAIKY, I TINA TAPA-KEVITRY FA HANDEHA HIALA AMIN'NY VATOHARA MBA HITADY KARAZANA LOMOTRO MBOLA TSY HITANY RANGO ZAY-




TAMPOKO NDRAIKY, NISY HARATO MAVENTY NILATSAKA TANATY RANO.
NILEFA I TINA NAHITA ZEGNY MBA HO VELONO






Krek krek krek,
Stak stak stak
Trak trak trak
VOADIADIA IRO VATOHARA, VOAKAOKON'NY HARATO IRO AHITRY AMBANY RANOMASIGNY JIABY...


ZAH IO MILA MITADY LALANA HILEFA E !!
NITODITODIKY I TINA NIZAHA RAHA NIROBATIN'NY HARATO NAMPIASAIN'OLO NAARATO TAO. NANGIY RANOMASIGNY JIABY SADY IZY TSY NAHITA NA RAHA VELOGNO ARAIKY NANDALO. SAMBANY TAMIN'NY ZEGNY NAHATSIARO TOKAA KAY TSISY NAMAA NAODIDIY IZY.






NIMPODY TAMIN'NY TOERANA MISY IZY TANY I TINA AVIO NITANTARA TAMIN'NY NAMANY MIKASIKA RAHA JIABY HITANY TANY. KANEFA FA TSY VAOVAO TAMIN'NY NAMANY NAHAREGNY TANTARA NAZY SATRIA FA NISY FANO KOA SAIKY TRATRAN'NY RAHA KARA ZEGNY. SAHIRAN-TSAINY IRO JIABY TAMIN'IO



NAFANGARO TAMIN'NY JIA POISINY ABY IGNY AVIO NAPARITAKA TANATY RANOMASIGNY TANY, MATY LAOKO, HOROKO NDRAIKY RAHA JIABY MIAINY ANATY RANOMASIGNY.


NAFANGARO TAMIN'NY JIA POISINY ABY IGNY AVIO NAPARITAKA TANATY RANOMASIGNY TANY, MATY LAOKO, HOROKO NDRAIKY RAHA JIABY MIAINY ANATY RANOMASIGNY.
ZAH TSY AFAKA MIAINY !!
VONJIA ZAH OO !!


NANDEHA AIA ABY MBA LAOKO 'REO ?
METY FA TSY MAHOMBY KOA FAMPIASAA HARATO KAOKOBE TY...
FA LERA TELO ATSIKA ZAY NIASA TETO, DRAKATRA ARAIKY MADINIKY TY FO RAHA NAZO !
NANOMBOKO NIASA LOHA IRO MPANARATO ABY IRO AMIN'NY HARATO TSY MAHAZO RAHA TY



ZA ZEGNY MOSARY E !
LO SO AIA ABY MBA LAOKO JIABY E, ANDAVANDRA EO KARA MAHAZO MARO
HUMM, METY TSY TSARA KOA MAMPIASA POISINY
KOA FA TSY NAHAZO RAHA FAMPIASANA POISIY NATAONDOR, NANOMBOKO NAHATSAPA IRO FA MISY RAHA TSY NETY TAO.



MANOMBOKO TSY HITA LAOKO JIABY E, VATOHARA KOA ROBAKA. ALO
AJANOKO FAMPIASANA HARATO KAOKOBE NDRAIKY AHODY MISY POISINY ATAO ANATY RANOMASIGNY IO
ATSIKA HAMETRAKA DINA HANDESIGNY MIADY AMIN'NY RAHA JIABY ZEGNY ;
IA, ZAH PARE. MILA RAISINY AN-TAGNANA MARINY RAHA MIKASIKY RANOMASIGNY IO FA AO FIAINATSIKA
KOA FA NANDEHA KORAGNA, TAPA-KEVITRY IR MPAARATO IR FA HIJANOO AMIN'NY FAMPIASAA HARATO KAOKOBE NDRAIKY POISIY MAMONO LAOKO.


EH, ANAO METY MANARATO ETO FA TSY AZO ATAO FO MAMPIASA HARATO KAOKOBE. FA MISY DINA NATAO
INO FO RAHA HO ATAOKO ?
NY FAMPIASANA HARATO KAOKOBE IO TSY FOMBAN-DRAZANA TSIKA, ANAO KOA HAMPIASA HARATO MILA OVAINY HAFA TSY MANDROBAKA RAHA.
AFAKA ATAO ZIO MAMPIASA BASIN-DAOKO, VINTANA NA HARATO MAVENTY MASONY.
NAMPIASA DINA IRO FOKONOLO, NAGNAMBARANA KOA IRO OLO MPIAVY NDRAIKY OLO JIABY MANODIDIY MBA TSY HAMPIASA IRO KARAZANA FOMBA FANARATOVANA MANDROBAKA RAHA. TAMIN'NY VOALOHANY SOMARY NISY DISADISA HELY MIKASIKY NY DINA IO FA TATY AFARA TONGA SAINY OLO JIABY.






TAMIN'NY ANDRA ARAIKY, TAOGNO AROE TATY AFARA, I TINA NIALA TAMIN'NY TOERANA MISY VATOHARA MAHAZATRA IZY, HANDEHA HITADY TOERANA VAOVAO HAMETRAHANY ATODINAZY.





NITONDRA NAMANA MAROMARO I TINA HANDEHA HANATODY AMIN'NY TOERANA TSARA HITANY.
ZAH MAVOZO SAO MBOLAMIMPODY NDRAIKY OLO NANAPOISINY ATSIKA INY
ZAH NDRAIKY KARA FA TSY MAHATSIARO MISY POISINY, METY FA NIOVA TOERANA IRO
METY FA TSY MAMPIASA HARATO KAOKOBE FEKY IRO. SADY ZA MADINIKY LOATRA KOA ALAINY HOHANINY.


ZAH FA NIVOLAGNA TAMINARO FA TSARA ATY TSY KARA TALOHA
NA MBALA TSY TENA MIMPODY TAMIN'NY TALOHA TOERANA FANATODIZANDRO, AMIN'NY ANKAPOBENY FA MILAMINY. FA TSISY HARATO KAOKOBE NDRAIKY POISINY MAMONO.


HERIANDRA VITSIVITSY TATY AFARA, FOY ATODY NAPETRAK'I TINA. AFAKA MIHINANA SADY MISOMA MILAMINY IRO ZANAKA LAOKO IRO. TSISY AHIAHY AMIN'NY RAHA TSY MANJARY ATAON'OLO.
KOA FA NITOMBO IRO ZANANY IRO, NANDESIN'I TINA NIFINDRA NIALA AMIN'NY TOERAA MISY AHITRY AN-DRANOMASIGNY INY FA NANDEHA AMIN'NY VATOHARA. ANY NO FIPETRAHANY MAHARITRY.
NIANY ATSIKA HANDEHA HIFINDRA AMIN'NY TOERAA MISY VATOHARA ANY
ANY ATSIKA MIHINA LOMOTRO MANIRY AMIN'NY VATOHARA.
MARIGNY ATSIKA HANDEHA ANY ZEGNY ?


TOHIZA LALANA NARO MANDEHA AMIN'NY TOERANA MISY VATOHARA ZEGNY !
ZA EFA LAOKO MAVENTY, KAY FA FOTOANA KOA ZIO. AZA KIVY ANARO AMINAKA.
MA MA!
TAMPOKO TEO, I TINA TAFIDITRY TANATY HARATO. IRO ZANANY VOSOTRO SATRIA HARATO MAVENTY MASO NAMPIASAIN'NY MPANARATO TAMIN'NY ZEGNY.
AZA HADINA RAHA JIABY NIVOLAGNINY TAMINARO. .
MANDEHANA AMIN'NY TOERANA MISY VATOHARA FA ANY ANARO AFAKA MISITRIKY


KOA FA AVY AÑY ANARÔ MIHINANA LOMOTRO.
MISITRIHA AMIN'NY VATOHARA ARY MITANDREMA KOA MAHITA LAOKO MAVENTY 'REO
ANARÔ KOA FA BE, MANDEHANA MAÑATODY AMIN'NY TOERAÑA MISY AHITRY AN-DRANOMASIGNY AÑY.
NAVY SOAMANTSARA TAMIN'NY TOERANA MISY VATOHARA IRO ZANAKA LAOKO ABY 'REO. TADIDINY RAHA NIVOLAGNINY TAMINDR. NIHINANA SADY NIVELONO TAMIN'NY TOERANA MISY VATOHARA NDRAIKY LOMOTRO IRO. KOA FA LERA MANATODY TSY MAINTSY MBALA HANDEHA HIMPODY AMIN'NY TOERANA MISY AHITRY AN-DRANOMASIGNY ANY NDRAIKY. KOA FA BE, MARO AMINDRO MBALA METY HO HAZON'NY HARATO FA TSY OLANA SATRIA NY MPANARATO MAMPIASA HARATO MAVENTY MASO KAY HO VOSOTRO FO IRO ZAY MBALA MADINIKY ARY HO AFAKA HITOMBO NDRAIKY HANARAKA MANDRITRY NY TAONO MARO HO AVY.
TAPITRY.